

## POINT DE PRESSE

### LAHATENIN'NY FILOHAN'NY CENI

Tompokolahy sy Tompokovavy!

Amin'izao fotoan-tsarotra lalovan-tsika izao, izay mety hampivandravandra ny fahasahiranana ny Firenentsika sy ny vahoakany.; ary tao aorian'ny fanapahan-kevitra izay noraisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana, dia manamafy ny CENI, fa tsy misy afatsy ny fanatanterahana fifidianana madio, mangarahara, andraisan'ny rehetra anjara ary mamoka vokatry eken'ny rehetra ihany no vahaolana tokana hitondra ny firenentsika eo amin'ny filaminana sy ny fandrosoana maharitra.

Izany fanatanterahana fifidianana izany anefa, dia tsy tononina am-bava fotsiny, fa mila fandraisana fanapahan-kevitra haingana sy fepetra mazava ,eken'ny rehetra, mikasika ireto zava-dehibe manaraka ireto:

- 1) Ny lalàm-pifidianana**
- 2) Ny fepetra hametrahana fitoniana**
- 3) Ny tetiandro sy dati-pifidianana**

Ny famaritana mazava ny lalàm-pifidianana ampiasaina sy ny fandraisana fepetra ametrana tontolo milamina sy tony dia iantsoanay ny fandraisan'andraikitry ny rehetra izay hahefa izany, ao anatin'ny fitoniana sy fahamatorana, ka tsy hisy hibaiko ankoatran'ny fitiavantanindrazana sy ny fitadiavana ny tombontsoa ambonin'ny Firenentsika sy ny vahoakanya.

Andohalika ny ranom-bary, noho izany, tsy mahazo toerana intsony amin'izao fotoana izao ny likiliky sy ny tendrim-po tsy mba namana, fa aoka ny fampitoviam-piijery eo amin'izay mahaso ny firenena no banjinina.

Miangavy ireo tompon'andraikitra politika isan-tsokajiny ary izahay, miaraka amin'ireo rehetra izay mahatsiaro fa manana adidy amin'ny tanindrazana, mikasika izao toe-draharaha izao, mba hiara-hidinika, ka handray fanapahan-kevitra ao anatin'ny fotoana faran'izay fohy, mba handray izay mety ho fepetra rehetra hametrahana ny fitoniana.

Aoka isika tsy hisalalala intsony, fa ny andro iray ao anatin'izao korontana izao, dia fahasahiranana fanampiny ho an'ny besinimaro.

Manaraka izany, manararaotra izao fotoana izao izahay manamafy, fa mahaleotena tanteraka ny CENI, ka tsy misy afa-tsy ny lalam-panorenana sy ireo lalana mana-kery ihany, no mibaiko ny ataony sy ny asany. Ary eto izahay dia miangavy ny rehetra, aoka ny fiandiana sy ny politika ho any ivelan'ny CENI hatrany, fa kosa izay rehetra mikasika ny zotram-pifidianana sy ny fifidianana, dia aoka ny CENI no mpanapa-kevitra farany mikasika izany.

Noho ihany rehetra izany ary, eo anaterhan'izao savorovoro sy ady hevitra isan-tokony izao dia tsy mipetra-potsiny ny CENI fa mandihady, namakafakana sy nieritreritra ka manolotra ireto tranga telo ireto ankehitriny:

**- Tranga voalohany: Fifidianana Filoham-pirenena mialohan'ny fotoana**

Araka ny voalazan'ny andininy faha 52 amin'ny Lalàm-panorenana, dia azo atao ny manatontosa Fifidianana Filoham-pirenena mialohan'ny fotoana.

Raha ity tranga voalohany ity no mahazo ny safidin'ny rehetra, noho ny antony fanomanana teknika sy ara-pitaovana, dia **ny alarobia 29 Aogositra 2018 no fotoana akaiky indrindra arosan'ny CENI ahafahana manatontosa ny fihodinana voalohany amin'izany fifidianana izany**

Mba hahafahantsika mitazona izany fotoana izany anefa dia mila mazava amin'ity volana mey ity ny lalàm-pifidianana sy ny fandaminana ara-politika.

**- Tranga faharoa: Fifidianana Filoham-pirenena tanterahina araka ny voalazan'ny andininy faha 47 amin'ny lalàm-panorenana.**

Raha ity tranga faharoa ity no ifanarahan'ny be sy ny maro, dia ny **alarobia 28 novambra 2018** no daty atolotry ny CENI hanatontosana ny fihodinana voalohany.

Mba hahafahantsika manaja izany fotoana izany anefa dia takiana hazava mandritra ity volana ity ny lalàm-pifidianana sy ny fandaminana ara-politika.

**- Tranga fahatelo: Fanemorana ny fifidianana noho ny antony voalazan'ny andalana fahaefatra amin'ny andininy faha 47**

Ny ahafahana manemotra ny fifidianana mantsy dia voafehin'ny voalazan'ny andalana fahaefatra amin'ny andininy faha-47 amin'ny Lalàm-panorenana.

Raha ity tranga fahatelo ity no ifanarahan'ny be sy ny maro, ny CENI dia manolotra **ny datin'ny alarobia 29 mai 2019** hanatontosana ny fihodinana voalohany.

Mba hialan'ny ahiahy tsy ihavanana dia mampahatsiahy ny CENI, fa ireo kandida ofisialy rehetra hirotsaka ho filoham-pirenena dia manana zo hanendry solon-tena iray ho mpikambana ato amin'ny CENI mandritra ny fifidianana sy y famoahana vokatry.

Manamafy hatrany ihany koa ny CENI fa miandry sy misokatra ho an'ny be sy ny maro ny fanaraha-maso ny fangaraharan'ny zotrampifidianana.

Farany, ho fanohizana ny fandraisan'andraikitra ataon'ny CENI sy ho fanafainganana ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny lalàm-pifidianana sy ny fepetra hametrahana fitoniana eto amin'ny Firenena dia manasa ny rehetra ao amin'ny **"Le Pavé" eo Antaninarenina** ny CENI, amin'ny **zoma 11 mey** izao, amin'ny **10 ora** antoandro, mba hanatontosa sehatra ifampidinihana.

Iangaviana ho tonga amin'izany:

- Ireo Ray amand-Reny ara-panahy
- Ireo tompon'andraikitra politika,
- Ireo lohany amin'ny fiarahamonim-pirenena,
- Ireo mpanao gazety

- ary izay tsara sitra-po rehetra.

Ny ho avin'ny firenentsika sy ny vahoakany no dinihina ka manainga mavesatra antsika mianakavy.

Misaotra Tompoko!

Antananarivo faha 08 mey 2018